TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA

ECONOMIE et FINANCES

MADAGASIKARA

Newsletter

19 MAI 2025



DÉVELOPPEMENT :

# Le Président de la République sur tous les fronts

*Photos/Sary : Présidence de la République de Madagascar*

# Pas de repos pour le Président de la République. La mise en place des projets de développement dans son programme s'enchaîne.





*En effet, le 9 mai dernier, il s'est rendu sur le site des projets Village artisanal et Lake Iarivo, où il a rappelé l'importance de l'artisanat à Madagascar : aussi bien dans le domaine culturel qu'économique.*

Le savoir-faire malagasy ainsi que la qualité des travaux de nos petites mains font depuis longtemps la renommée de la Grande Ile et fait ce de domaine un contenu incontournable pour le tourisme. Lui donner une place dans cette vitrine de la Grande Ile, proche de l'aéroport international d'IVato est de ce fait d'une importance capitale aussi bien pour l'économie nationale que pour l'artisant lui même. Condition sinequanone toutefois, la facilitation des démarches administratives quant à l'exportation de ces produits. Raison pour laquelle la mise en place d'un bureau des Douanes sur place est primordiale et citée d'ailleurs par le Numéro Un de Madagascar durant son allocution .

## Fampandrosoana ifotony : Miroso hatrany ny fitodram-panjakana tarihin'ny Filoha Andry RAJOELINA

Manao tohy vakana ny fidinana ifotony hametrahana ireo drafim-pampadrosoana isam-paritra izay fanamby napetraky ny Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA.

Ny 9 May lasa teo dia nijery ny fizotran'ny asa teny amin'ny tetikasa Lake Ivato ny tenany ka nampatsiahiviny ny maha-zavadehibe ny fahaiza-manaon'ny malagasy amin'ny sehatry ny asa tanana : antony hametrahana ny tsenan'ny asa tànana izay atao fitaratr'ireo faritra manerana ny Nosy. Ankoatra izay dia ny fametrahana toerana manara-penitra toa izany dia fomba ireny entina hampakarana ny kalitaon'ny vokatra ka hampakatra ho azy ny fidiram-bolan'ireo mpanao asa tanana malagasy. Nanambara ihany koa ny tenany ny hametrahana biraon'ny fadintseranana eny an-toerana hanamorana hatrany ny fivezivezen'ny entana ary hialàna amin'ny fahasahiranana amin'ny fikarakarana taratasy rehetra amin'ny famoahana entana.






Toujours dans son périple, le Président de la République s'est rendu dans la cité du Soleil la semaine dernière avec les membres de son Gouvernement, où ils ont tenu un Conseil de Gouvernement et un Conseil des Ministres, marquant ainsi la volonté de nos dirigeants de renforcer la décentralisation. Par ailleurs, des projets ont été examinés et lancés, dont la réhabilitation des routes nationales 13 et 10 : les principaux artères de cette région et reliant plusieurs districts. Il a également été question d'un soutien du PIC 3 (Projet Pôles Intégrés de Croissance) dans la région Atsimo Andrefana.

Ny herinandro teo kosa dia nifantoka tanteraka tany amin'ny faritra Atsimo Andrefana ny piakadim-pampandrosoana ho mariky ny fitsinjaram-pahefana izay imasoan'ny fitondrana amin'izao fotoana izao.

Tetikasa maro no nodinihana ary napetraka, isan'izany ny fanamboarana ireo lalam-pirenena RN13 sy RN10 izay tena lalandran'iny faritra iny Sady mampifandray ireo distrika maro. Teo ihany koa ny fijerena izay tokony hanampiana ireo tetikasan'ny PIC 3 eny amin'ny faritra Atsimo Andrefana.





La Banque Africaine de Développement apporte aussi sa contribution à travers le projet PACFC, qui entre désormais dans sa troisième phase et dont la signature officielle a eu lieu le vendredi 16 mai 2025. Ce projet vise à ouvrir pleinement les régions Atsimo Andrefana et Menabe aux marchés nationaux et régionaux.

Ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana ihany koa dia mitondra ny anjara birikiny amin'ny alalan'ny tetikasa PACFC izay efa miditra amin'ny andiany fahatelo, ary natao sonia n'y zoma 16 May lasa teo. Tanjona amin'ity tetikasa ity ny hanokatra tanteraka ny faritra Atsimo Andrefana sy Menabe amin'ny tsena anatiny sy rejionaly. ■

# Coopération

## Désenclavement du Grand Sud : Madagascar signe un accord de prêt de 125 millions UC avec la BAD




Le Gouvernement de Madagascar et la Banque Africaine de Développement (BAD) ont signé, le 16 mai 2025, un accord de financement de 125 millions d'Unités de Compte d'environ 169 millions de dollars américains pour la mise en œuvre de la troisième phase du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce et des Investissements (PACFC III). La cérémonie s'est tenue au Ministère de l'Économie et des Finances, en présence de Madame Rindra Hasinirina RABARINIRINARISON, Ministre de l'Économie et des Finances, de Monsieur Adam AMOUMOUN, Représentant pays de la BAD.

Dans son intervention, le Ministre a rappelé que ce projet structurant figurait parmi les priorités abordées lors des Conseils du Gouvernement et des Ministres délocalisés tenus récemment à Toliara. Elle a salué les résultats concrets des phases précédentes du PACFC, qui ont permis, avec un financement cumulé de 187,38 millions UC soit près de 247,3 millions de dollars, de réhabiliter notamment la RN9, contribuant à transformer durablement la région d'Atsimo Andrefana.

La troisième phase du PACFC, d'un montant de 125 millions UC, prévoit d'achever le désenclavement du sud du pays par l'aménagement de corridors reliant les ports de Tuléar et de Beira, la réhabilitation de la route d'accès à l'aéroport de Morombe, et la modernisation des infrastructures douanières avec l'installation de nouveaux centres de liquidation et d'une brigade canine. Ce projet vise également à améliorer la sécurité portuaire, renforcer l'intégration régionale et faciliter l'accès des produits malagasy aux marchés de la ZLECAf.

En clôturant la cérémonie, le Grand Argentier a chaleureusement remercié la BAD pour son engagement constant, tout en saluant l'esprit de proximité manifesté par son Représentant pays. « *Le développement de Madagascar n'est pas une option, mais une finalité* », a-t-elle affirmé, citant la vision portée par le Président Andry RAJOELINA, et rappelant que ce type de projet incarne pleinement cette ambition nationale.

### Mitohy hatrany ny fiaraha-miasan'i Madagasikara sy ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana

Tetikasa maro arak'izany no entin'ny fitondram-panjakana izay tarihin'ny Filoha Andry Rajoelina hampandrosoana ny faritra Atsimo-Andrefana. Koa taorian'ny Filan-kevitry ny Minisitra natao tany Toliary ny alarobia 14 May 2025 , dia vita sonia ny zoma 16 May 2025 ny Tetikasa PACFC andiany faha-3 (PACFC III).

Manodidina ny 165 tapitrisa dolara ny tetibola natokana ho an'ity andiany faha-3 ity, ary ireto avy no asa goavana hotanterahina, ho fanatsaràna ny fitaterana sy ny varotra any amin'ny faritra Atsimo:

- Fanamboarana sy fanatsaràna ny làlana mankany amin'ny seranan-tsambon'i Tuléar sy Beira.
- Fanarenana ny RNT55, mampitohy an'i Bevoay sy Morombe.
- Fanarenana ny làlana mankany amin'ny seranam-piaramanidin'i Morombe.
- Fanavaozana ny biraon'ny fadintseranana, amin'ny alalan'ny *centre de liquidation* vaovao sy *brigade canine* vaovao, ho fanamafisana ny fifandraisana ara-barotra.

Mbola anatin'ny fiaraha-miasa amin'ny BAD hatrany dia tsiahivina fa handray anjara amin'ny Fihaonambe isan-taonan'ny Vondron'ny Banky Afrikana ny 26 hatramin'ny 30 May ho avy izao i Madagasikara.

# ONU : Mobilisation des financements pour le développement durable de Madagascar



Le Ministre de l'Économie et des Finances de Madagascar a participé à une séance organisée par les Nations Unies le 06 Mai 2025, où elle a présenté les stratégies nationales pour mobiliser des financements pour les Objectifs de Développement Durable (ODD).
Elle a souligné l'importance des Partenariats Public-Privé (PPP) et des obligations thématiques comme les « Lemurs bonds » et les « Green bonds » pour financer la biodiversité et les projets durables. Elle a également mentionné l'utilisation du fonds souverain et l'utilisation des fonds de pension, ainsi que la coopération régionale pour lever des financements à long terme. Enfin, elle a réaffirmé l'importance du soutien des Nations Unies.

### *Madagasikara – Firenena Mikambana : famatsiam-bola ho an'ny fampandrosoana maharitra*

Nandray anjara tamin'ny famelabelarana sy adihevitra momba ny famatsiam-bola ho an'ny fampandrosoana maharitra nokarakarain'ny Firenena Mikambana ny 06 Mai 2025 lasa teo ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola. Nambarany tao ireo tetikadim-pamatsiam-bola toy ny fiaraha-miasa eo amin'ny fanjakana sy ny tsy miankina (PPP) ho an'ny tetikasa lehibe, ny fampiasana ny *Lemurs bond* sy ny *Green bond* ho an'ny fiarovana ny tontolo iainana, ary ny fitodiahana amin'ny *Fonds souverain* hitadiavana mpampiasa vola. Nanentana ny Firenena Mikambana ihany koa izy mba hanohy ny fanohanana an'i Madagasikara.






# Modernisation des paiements non fiscaux par le **SIGRNF** ou Système d'Information de Gestion des Recettes Non Fiscales

Le 9 mai 2025, le Gouvernement a lancé le SIGRNF, un système permettant le paiement des recettes non fiscales via mobile money. Ce projet, fruit d'une collaboration entre l'État et les opérateurs privés, vise à faciliter les paiements pour les citoyens tout en renforçant la transparence dans la gestion publique. La mise en œuvre débute dans des sites pilotes : Toamasina, Ambohidratrimo et Toliara.

### *SIGRNF : Fanavaozana ny fandoavam-bola ankoatran'ny hetra*

Natomboka tamin'ny fomba ofisialy ny 9 mey 2025 ny SIGRNF, haitao ara-kajy mirindra ahafahana mandoa ny vola ankoatran'ny hetra amin'ny alalan'ny mobile money. Ity tetikasa ity, izay iarahan'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina manatanteraka, dia tanjona hanatsaràna ny fitantanana ara-bola sy hanamaivanana ny fandoavam-bola ho an'ny vahoaka.




# Focus

## Session parlementaire 2025
# pas de LFR prévue

I N T E R V I E W

***Comme stipulée dans la Constitution malagasy, le Parlement se réunit en session ordinaire le 1er mardi du mois de mai. Ainsi, les deux chambres, l'Assemblée Nationale et le Sénat, ont successivement entamé leurs travaux dans une atmosphère solennelle et empreinte de respect des institutions. Monsieur NTSAY Christian, Premier Ministre Chef du Gouvernement, les présidents des différentes Institutions ainsi que plusieurs membres du Gouvernement ont pris part à cette cérémonie d'ouverture. Toujours en ce sens, le Conseil des Ministres a annoncé que la Loi de Finance 2025 ne connaîtra pas de révision.***

***Les explications de Madame le Ministre, Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON …***

**Madame la Ministre, le budget de l'État ne sera pas rectifié cette année. Quelle en est la raison ?**

La rectification du budget est une prérogative prévue par la loi pour ajuster le budget afin qu'il corresponde aux prévisions en matière de recettes et de dépenses à mi-parcours de l'année. Si l'écart entre les prévisions initiales et leur exécution effective à mi-année n'est pas significatif, il n'est pas nécessaire de procéder à une rectification.

## Tsy hisy fanitsiana ny tetibolam-panjakana 2025

***Fivoriana ara-potoan'ny Parlemanta roa tonta :***

***Natomboka tamin'ny fomba ofisialy ny talata voalohan'ny volana May araka ny Lalam-panorenana ny fivorian'ny parlemanta roa tonta. Nanatrika izany ireo mpikambana ao amin'ny governemanta notarihan'Andriamatoa Praiministra lehiben'ny Governemanta, NTSAY Christian. Isan'ny nitana ny sain'ny maro ny tsy fisian'ny fanitsiana ny volavolan-dalana 2025.***

***Manazava ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo.***

***Ramatoa Minisitra, tsy hisy fanitsiana ny tetibolam-panjakana am'inty taona ity. Inona no mety ho antony?***

Ny fanitsiana na tsia ny tetibolam-panjakana dia fahefana iray omen'ny lalàna entina hanamboarana ny tetibola hifanaraka amin'ireo kajy rehetra amin'ny fidiram-bola sy fampiasam-bola eny antenantenan'ny taona eny. Raha ohatra ka tsy dia misy elanelany lavitra loatra ny vinavina natao tany amboalohany sy ny fanatanterahana azy eny antenantena taona eny dia tsy votery atao akory ny fanitsiana.

**Est-ce que toutes les conditions sont réunies ?**

Plusieurs éléments sont pris en compte avant de prendre cette décision. L'un des plus importants est le niveau des recettes durant les cinq premiers mois de l'année. Si l'on constate que les recettes, notamment fiscales, ne suivent pas les prévisions initiales, on est alors obligé d'élaborer une loi de finances rectificative (LFR) pour ajuster les dépenses à la baisse.

À l'inverse, s'il y a des recettes supplémentaires imprévues comme des financements additionnels non prévus dans la loi de finances initiale (LFI), on peut également être amené à faire une LFR.

Mais dans le cas présent, la plupart des financements attendus, notamment les financements extérieurs, avaient déjà été planifiés lors de l'élaboration de la LFI, comme ceux du FEC, du FRD, ou les appuis budgétaires de la Banque mondiale ou de la BAD.

> ...la plupart des financements attendus, notamment les financements extérieurs, avaient déjà été planifiés lors de l'élaboration de la LFI, comme ceux du FEC, du FRD, ou les appuis budgétaires de la Banque mondiale ou de la BAD.

Si de petits financements arrivent en cours d'année, ils peuvent être gérés par décret d'avance tant qu'ils ne dépassent pas 1 % du total des recettes prévues initialement.

Concernant les recettes fiscales, elles restent encore proches des prévisions, donc il n'y a pas lieu de réduire les dépenses. D'ailleurs, les LFR sont généralement utilisées pour diminuer les dépenses, ce qui est souvent mal compris : beaucoup de gens s'attendent au contraire à ce qu'elles servent à augmenter les dépenses, ce qui n'est pas systématiquement possible.

En ce qui concerne les dépenses, la loi sur les finances publiques permet une certaine flexibilité par le biais des mouvements de crédits, tant que cela ne dépasse pas 10 % du total des crédits initiaux et que cela ne touche pas aux grandes rubriques.

Par exemple, les crédits d'un ministère peuvent être transférés à un autre ministère, selon des règles fixées par la loi, notamment via un décret. Cela arrive souvent, par exemple quand le Ministère de l'Économie et des Finances transfère des crédits à d'autres ministères ou institutions.

**Et lorsqu'une LFR est engagée, Madame la Ministre, comment cela impacte-t-il les dépenses des ministères ?**

Lorsqu'une LFR est en préparation, les dépenses de l'État sont momentanément suspendues pour permettre d'établir avec précision les chiffres de transition entre la LFI et la LFR. Ce processus occasionne souvent un léger retard dans l'exécution des dépenses publiques.

**En résumé, que peut-on retenir à propos de cette LFR ?**

On peut dire que les indicateurs sont encore stables, ce qui explique la décision de ne pas rectifier le budget. En l'absence de LFR, l'exécution budgétaire continue de manière fluide et stable.

***Feno ve ireo fepetra ireo?***

Maro ireo singa jerena ahafahana mandray na tsia izay fanapahankevitra izay. Ka anisan'ny ny lehibe indrindra amin'izany fizotran'ny fidiram-bola ao antin'ny dimy volana voalohany ho an'ny taona. Raha ohatra izany ka tsikaritra eny antenantenan'ny taona eny fa tsy maharaka ny vinavina faritana tany amboalohany ny vola miditra indrindra, moa fa amin'ny alalan'ny hetra, dia amin'izay fotoana izay isika voatery manao LFR mampidina ny fandaniana mba hitovy amin'ny fidinan'ny vola miditra. Torak'izay raha sendra misy vola fanampiny miditra tampoka tsy voasoratra tany amin'ny LFI izay fidiram-bola izay ohatra hoe famantsiam-bola fanampiny tonga dia amin'izay fotoana izay dia voatery koa isika manao LFR. Eto anefa dia ny ankamaroan'ireo vola vinavinaina hiditra rehetra, indrindra fa ireo famatsiam-bola avy any ivelany dia efa plannifier tany ampiandohana tamin'ny fanaovana LFI dia efa fantatra avokoa ny ankamarohan'izy ireo, indrindra fa ireo famatsiam-bola lehibe toy ny FEC , ny FRD, ireo appui budgétaire banque mondiale, appui budgétaire BAD, sns …

Raha ohatra ka famatsiam-bola madinika no tonga dia mbola zakan'ilay hatao hoe décret d'avance rehefa tsy mihoatra ny 1% amin'ny totalin'ilay vola novinavinaina hiditra tany ampiandohana.

Raha ny vola miditra mahakasika ny hetra dia tena mbola tsy mifanalavitra mihitsy amin'ny vinavina aloha atreto ka tsy tokony mbola misy antony hampidinana ny fandaniana. Matetika mantsy io LFR io dia à la baisse foana fa tsy voatery ho izay izany hoe midina ny fidiram-bola amin'ny fandanina ao amin'ny LFR. Kanefa ny olona rehefa miresaka an'io LFR io dia matetika miandrandra ny mifamadika amin'izay, izany hoe te ampiakatra ny dépenses ny ankamaroan'ny olona rehefa miresaka LFR izay tsy voatery afaka atao anefa izay. Mahakasika izay fandaniana izay, na ny dépense dia malefaka ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny fahafahana manao mouvement de crédit raha ohatra ka tsy mihoatra ny 10% ny totalim-bola rehetra izay eritreretina hampiasaina tany ambohaloany ka tsy mahakasika ihany koa ny grande rubrique. Omeko ohatra isika hoe ny vola aty amin'ny Minisitera iray dia afaka afindra any amin'ny Ministera hafa rehefa manaraka fitsipika apetraky ny lalàna. Anisan'izany fitsipika izany ny fanovana ilay mouvement amin'ny alalan'ny didim-panjakana. Matetika ny volan'ny Ministeran'ny Toekarena sy Fitantanam-bola no alefa mandeha makany amin'ny Ministera hafa na any amin'ny andrim-panjakana hafa.

***Rehefa manao LFR toa izao moa ramatoa Minisitra dia ahoana ny fampiasam-bolan'ireo minisitera?***

Rehefa manao LFR dia miato aloha ny fampiasam-bolam-panjakana mba ahafahana mahazo ny chiffre exact hiampitana avy amin'ny LFI makany amin'ny LFR ka matetika izay zavatra izay dia manatara kely ny fampiasam-bolam-panjakana.

***Inona zany no azo hibangoana ity resaka LFR ity tompoko?***

Azo lazaina fa mbola stable ireo antotan-kajy eo ampelatanana ka izay no antony nandraisana ilay fanapahan-kevitra hoe tsy nanao an'ilay fanitsiana ny teti-bolam-panjakana isika ary rehefa tsy anao an'izay LFR izay isika dia mitohy milamina ny fampiasam-bolam-panjakana.




# Conférence Budgétaire Régionale (CBR) 2025 : un portefeuille d'investissement régional à établir

Dans le cadre des préparatifs du projet de Loi de Finances 2026 et du Cadre de Dépenses à Moyen Terme (CDMT) 2026-2028, le Ministère de l'Economie et des Finances (MEF), par le biais de la Direction Générale du Budget et des Finances (DGBF) organise le 13 juin prochain à Ambovombe dans la région Androy, la Conférence Budgétaire Régionale (CBR) pour cette année 2025.

Toujours dans le souci d'élaborer un budget inclusif et participatif à partir des plans de développement et aspirations locales en cohérence avec les objectifs nationaux, cette édition mettra l'accent sur la participation des maires qui viennent d'être élus, lesquels ont officiellement pris leurs fonctions depuis peu.

Comme à l'accoutumée, des Conférences organisées par le MEF et conduites conjointement avec le Ministère de l'Intérieur (MININTER) et le Ministère de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire (MDAT), au cours desquelles toutes les parties prenantes seront informées sur les grandes orientations adoptées par le Gouvernement, seront au programme.

Les différents acteurs seront sensibilisés sur la nécessité de priorisation après avoir discuté et élaboré des projets de développement au niveau des structures locales de concertation à partir des besoins exprimés. Cette nouvelle démarche prévoit l'établissement d'un pipeline d'investissement incluant les projets des Collectivités Territoriales Décentralisées (CTD) qui sont sous la responsabilité de ces nouveaux maires fraîchement élus.

Mise à part la structuration des projets de développement en un portefeuille d'investissements régional, tous les participants devront s'assurer que les projets proposés au niveau local s'intègrent dans les différents plans d'aménagements (outils de planification territoriale). L'arbitrage et l'insertion dans le budget de l'Etat viendra clôturer le processus.

Aussi, les écarts entre les attentes locales et les priorités budgétaires nationales seront réduits. Les données issues des CBR seront mises à la disposition des Institutions et Ministères qui les prendront en considération dans le montage du CDMT initial.

## Fikaonan-doham-paritra ho an'ny tetibola 2025 : fametrahana tahirin-kevitra momba ny tetikasam-pampandrosoana isam-paritra

Ho fanomanana ny Volavolan-dalàna mifehy ny Tetibola 2026 sy famaritana ny fandaniana Ivo ezaka (CDMT) 2026–2028, dia hanatanteraka ny Fihaonana isam-paritra (CBR) ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, amin'ny alàlan'ny Foibem-pitantanana misahana ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola (DGBF), ny 13 jona ho avy izao any Ambovombe, ao amin'ny faritra Androy.

Ity andiany ity dia hikendrena ny hamolavola tetibola iombonana sy iarahana manatanteraka, miainga avy amin'ny drafitrasa fampandrosoana sy ny fanirian'ny vahoaka eny ifotony ary mifanaraka amin'ny tanjona nasionaly, izay entina hanasongadina ny fandraisana anjaran'ireo ben'ny tanàna vao lany nandray ny asany tamin'ny fomba ofisialy.

Toy ny mahazatra dia hisy ao anatin'ny fandaharam-potoana ny fivoriana karakarain'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola izay iaraha-manantanteraka amin'ny Ministeran'ny Atitany, ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany izay hampahafantarana ireo mpisehatra rehetra ny toromarika lehibe naroson'ny Governemanta.

Hampahafantarina ireo mpisehatra samihafa ny maha-zava-dehibe ny famaritana ny laharam-pahamehana aorian'ny fifanakalozan-kevitra sy ny famolavolana ireo tetikasam-pampandrosoana eny amin'ny rafitra ifanakalozan'ny isam-paritra, miainga avy amin'ireo filàna voalaza. Ity fomba fiasa vaovao ity dia mikendry ny hanangana tahirin-tetikasa fampiasam-bola izay ahitana ireo tetikasan'ny Kaominina sy ny Faritra (CTD) hiandraketan'ireo ben'ny tanàna.

Tsy maintsy ampifanarahana amin'ny drafi-panajariana ny tany ny tetikasa rehetra alohan'ny andrafetana izany ao anatin'ny tetibolam-panjakana ary ampidirina ao anatin'ireo drafitrasa fanajariana samihafa Amin'ny farany dia hatao ny fanapahan-kevitra sy fandaminana (arbitrage) hahafahana manatanteraka izany amin'ny fomba mahomby.

Ny angon-drakitra avy amin'ny CBR dia hapetraka ho azon'ireo Andrimpanjakana sy Ministera ampiasaina, izay handinika azy ireo amin'ny famolavolana ny CDMT voalohany.

# Marchés pupliques

# MAPS II : le système malgache évalué

Dans le cadre de la réforme du système national des marchés publics, le Rapport d'Évaluation mené selon la méthodologie MAPS II a été officiellement certifié par le Secrétariat MAPS le 15 avril 2025.

Cette évaluation, conduite avec l'appui technique et financier de la Banque Africaine de Développement (BAD) et de la Banque Mondiale, s'est inscrite dans la volonté du Gouvernement de moderniser et d'aligner le système malgache sur les standards internationaux en matière de transparence, d'efficacité et de bonne gouvernance.

L'évaluation a permis d'identifier plusieurs axes de réformes prioritaires parmi lesquels le renforcement du cadre juridique et institutionnel comprenant la révision de l'article 83 du Code des Marchés Publics (CMP) afin d'y introduire des voies de recours sur des décisions stratégiques et l'harmonisation du cadre juridique des Partenariats Public-Privé (PPP) avec le CMP. Une actualisation des outils réglementaires est également requise, notamment les guides, manuels et dossiers types devenus obsolètes, afin de garantir la sécurité juridique et l'efficacité opérationnelle des procédures.

Une attention particulière sera également portée sur l'intégration des Objectifs de Développement Durable (ODD) dans les pratiques de passation, à travers l'élaboration d'une stratégie nationale et la production d'outils pratiques adaptés. Le renforcement des capacités de régulation constitue une autre priorité, avec la nécessité de doter l'Autorité de Régulation des Marchés Publics (ARMP) de ressources pérennes, tant humaines que financières, tout en élargissant sa présence au niveau régional et en renforçant son rôle dans les audits et le suivi des pratiques de passation.

## MAPS II : ho avaozina ny rafitry ny tsenambaro-panjakana

Ao anatin'ny fanavaozana ny rafitra nasionalin'ny tsenam-panjakana, dia voamarina ara-pomba ofisialy tamin'ny 15 aprily 2025 ny Tatitra Fanombanana natao araka ny fomba fiasa MAPS II.

Ity fanombanana ity dia notanterahina tamin'ny alalan'ny fanohanana ara-teknika sy ara-bola avy amin'ny Banky Afrikanina ho an'ny Fampandrosoana (BAD) sy ny Banky Iraisam-pirenena, izay tafiditra ao anatin'ny fahavononan'ny Fitondram-panjakana hanatsara sy hanaraka ny fenitra iraisam-pirenena eo amin'ny lafin'ny mangarahara, fahombiazan'ny rafitra ary ny fahaiza-mitantana.

Raha ny tombana dia ilaina ny fanamafisana ny rafitra araka ny làlana sy ny rafitry ny andrim-panjakana, ahitana ny fanitsiana ny andininy faha-83 ao amin'ny fehezan-dalànan'ny Tsenam-panjakana (CMP). Ilaina ihany koa ny fanavaozana ireo fitsipika efa lany andro, toy ny torolàlana, boky fampiharana ary antontan-taratasy mahazatra, mba hiantohana ny fiarovana ara-pitsarana sy ny fahombiazan'ny fandraharahana amin'ny fanatanterahana.

Tsy maintsy ho jerena ihany koa ny fampidirana ny Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra (ODD) ao anatin'ny fomba fanao amin'ny fanomezana tsena, amin'ny alalan'ny famolavolana paikady nasionaly sy fandrafetana fitaovana azo ampiharina mifanaraka amin'izany. Anisan'ny laharam-pahamehana ihany koa ny fanamafisana ny fahaiza-mitantana amin'ny fanomezana loharanon-karena maharitra (olombelona sy ara-bola) ho an'ny Sampandraharahan'ny Tsenambarom-panjakana (ARMP), ary amin'ny fanitarana ny fisiany amin'ny sehatra isam-paritra sy fanamafisana ny anjara asany amin'ny fanaraha-maso sy fanadihadiana.



La modernisation technologique constitue l'une des réformes clés à entreprendre, surtout avec l'achèvement de la mise en place du système de passation électronique des marchés (e-GP), qui devra couvrir l'ensemble du cycle de la commande publique. Parallèlement, une stratégie nationale de professionnalisation sera élaborée accompagnée de la création d'un centre de formation spécialisé en marchés publics au sein de l'ARMP, ainsi que de la réglementation d'un corps d'experts en passation de marchés au sein de la fonction publique. Il est également recommandé le développement des mécanismes d'évaluation de la performance des acteurs et des autorités contractantes, tant au niveau central qu'auprès des Collectivités Territoriales Décentralisées (CTD).

Enfin, un renforcement des mécanismes de gouvernance et de contrôle est important. Il s'agira surtout de garantir l'indépendance et l'efficacité des organes de contrôle, de réviser le Code d'éthique des marchés publics, d'améliorer les dispositifs de recours, et de mettre en place un mécanisme sécurisé de dénonciation des pratiques frauduleuses, en collaboration avec les institutions compétentes telles que le BIANCO.
L'Evaluation du système national de passation des marchés publics de Madagascar constitue désormais une référence à l'échelle internationale, tant par la qualité de ses résultats que par l'efficacité du processus d'évaluation, avec une certification du Rapport final par le Secrétariat MAPS obtenue dans un délai record. Cette performance témoigne de la mobilisation exemplaire des parties prenantes et du leadership national dans cette activité.



Tsy afaka miasaraka min'ny teklnolojia vaovao ihany koa raha miresaka fanavaozana, isan'izany ny rafitra elektronika amin'ny fanomezana tsena (e-GP), izay tokony hahafaoka ny dingana rehetra amin'ny famatsiam-bola ampahibemaso. Ho fanampin'izany, dia hatsangana ny paikady nasionaly momba ny maha-matihanina amin'ny sehatry ny tsenam-panjakana, hananganana foibe fanofanana manokana eo anivon'ny ARMP, sy ny fitsipika mifehy ny manampahaizana manokana amin'ny tsenam-panjakana ao anatin'ny rafitra mpiasam-panjakana. Soso-kevitra ihany koa ny hananganana rafi-piasana hanombanana ny zava-bitan'ireo mpisehatra sy andrim-panjakana manome tsena, na eo anivon'ny fahefana afovoany na eo anivon'ireo Fikambanam-bahoaka Ifotony (CTD).

Marihana fa amin'izao fotoana izao, dia efa lasa fitaratra eran-tany ity fomba fanatontosana ny Fanombanana MAPS teto Madagasikara ity, na amin'ny kalitaon'ny vokatra , na amin'ny afainganan'ny dingana, satria voamarin'ny mpandrindran 'ny MAPS ara-pomba ofisialy tao anatin'ny fotoana fohy ilay Tatitra farany. Ity zava-bita ity dia vokatry ny fiaraha-mientan'ireo mpiara-miombon'antoka sy ny fahaiza-mitarika nasehon'ny Fitondrana Malagasy.



**Standards internationaux en matière de transparence, d'efficacité et de bonne gouvernance**



**Renforcement du cadre juridique et institutionnel**

**Modernisation technologique et digitalisation**



**Une référence à l'échelle internationale**

